# Ilay Voa Tsara Nafafy 24 Jona 2018

**24** **Alahady**
jona

**Taiza ary ianao, fony Aho nanorina ny tany? Ambarao, raha hainao.** Joba 38. 4

**Indro, tsinontsinona aho *(hoy i Joba)*, ka inona no azoko avaly Anao?** Joba 40. 4

**Hidera an'i Jehovah aho, raha mbola miaina koa; eny, hankalaza an'Andriamanitro aho, raha mbola velona koa.** Salamo 146. 2

**Mitolagaga manoloana ny fiainana**

Niresaka momba izany ilay manampahaizana antsoina hoe Jean d'Ormesson, teo amin'ny faha-85 taonany : „Hatrizay hatrizay aho dia toy ny mitolagaga manoloana ny fiainana. Fony vao zaza aho, indraindray dia efa miato eo am-pilalaovana ary manontany tena hoe : Fa inona moa no ataoko eto ? Ary dimy taona lasa izay, nilomano tao amin'ny ranomasina Mediteranea aho, andro lohataona, ka nony niala avy tao anaty rano dia nahatsapa tampoka ny tenako ho talanjona, toy ny fanina. Nahoana no misy ny masoandro ? Nahoana no misy ny ranomasina ? Nahoana no misy ny harambato ?"

Araka izany, teo amin'ny faha-80 taonany ity manampahaizana momba ny soratra ity dia nitolagaga nanoloana ny fiainany, saingy toa tsy nahafantatra Ilay Mpamorona izany. Talanjona izy noho ny fisiany, ka nanosika azy izany hanontany tena momba izay niaviany sy izay halehany ; ary efa hatrizay hatrizay no nitoeran'izany fanontaniana izany ao amin'ny olombelona. Tsy misy valinteny matotra mety ho azo avy amin'ny fisainan'ny olona sy ny famakafakany. Ahoana moa no hahafantaran'ny olona ny nipoiran'ny fisiany, raha tsy nisy nanambara izany taminy ? Tsy afaka hahazo valinteny izy, raha tsy avy amin'Ilay Mpahary azy irery ihany, dia „Andriamanitra, Izay mamelona ny zavatra rehetra" (1 Timoty 6. 13).

Nataon'Andriamanitra afaka mahatsapa ny heriny sy ny fahalehibeazany ny olona, amin'ny alalan'ny zavaboary manodidina azy. Tonga tetỳ an-tany tao amin'i Jesosy Zanany Izy. Nahazo fahazavana ny mpino tamin'ireo taranaka rehetra nifandimby, rehefa namaky ny Baiboly, izay nampahita azy ireo ny tanjon'ny fiainany, dia „Kristy Jesosy fanantenantsika" (1 Timoty 1. 1).